Presque-Songes [Rv1]

Auteur(s) : Rabearivelo, Jean-Joseph

Les folios

En passant la souris sur une vignette, le titre de l'image apparaît.

1 Fichier(s)

Citer cette page

Rabearivelo, Jean-Joseph, Presque-Songes [Rv1], 12-08-1931

Claire Riffard, équipe francophone, Institut des textes et manuscrits modernes (CNRS-ENS) ; projet EMAN (Thalim, CNRS-ENS-Sorbonne nouvelle)

Consulté le 08/08/2025 sur la plate-forme EMAN : https://eman-archives.org/francophone/items/show/1662

Description & analyse

DescriptionCertains poèmes du recueil *Sari-Nofy, Presque-Songes*, paraissent d'abord en revue : *Ny Fandrosoam-Baovao* publie " Mpitsoka sodina " le 12 août 1931, " Dihy " le 16 janvier 1931 et " Terak'andro " le 6 janvier 1932. Ces versions constituent le texte de référence utilisé pour l'établissement de l'édition malgache de *Presque-Songes*.

Éditeur(s) de la ficheSerge Meitinger (29-01-2016)
RévisionSylvie Giraud (30-03-2017)

Informations générales

LangueMalgache
CoteNUM POE REV FB MPITSOKA, RV.FBMP
Nature du documentRevue
SupportCopie de microfilm
Localisation du documentBnF

Présentation

Date12-08-1931
GenrePoésie (Poème)
Mentions légalesBnF. Utilisation non commerciale libre et gratuite

Éditeur de la ficheClaire Riffard, équipe francophone, Institut des textes et manuscrits modernes (CNRS-ENS) ; projet EMAN (Thalim, CNRS-ENS-Sorbonne nouvelle)

Information sur la revue

Titre de la publication*Ny Fandrosoam-Baovao*
Lieu de publicationTananarive
Notice créée par Richard Walter Notice créée le 16/12/2014 Dernière modification le 01/09/2022

Fichier issu d'une page EMAN : http://eman-archives.org/francophone/items/show/1662?context=pdf

12/08/31

PEJIN' NY LITERATURA

TANTARA INDRAY MISEHO

Irène Ralimà

Feno vahoaka Antsampanimahazo, Vehivavy no androatokon' ireo olona ireo, ary mbola tovony ny ankamaroany.

Mitakoritsika anaty lamba ny mipsakaiza, dia manao heliy valaka kely, dia mikakakaka, dia tena manao farahely ka tsy mangina raha tsy hanjinin' ny polisy tampoka.

— Tamy ! tamy ! hoy ny feo maromaro aky any an-doha-lalana.

Nitopy tany avokoa ny fijery, ary ireo laharam-posiposy mitanjozotra avy eo, dia andriambin' ny mason' ny mpitazana, ka misintona azy haharaka ny famindrany.

Veloina indray ny tabataba sy ny horakoraka. Resaka be mila hankareonna, tapahin' ny hoe: *Tanteraka... saingy tsy nisy izao, ka nipitrapitra fonia ? na... saingy niampy an' itsy ka tonga haingon' adala !...*

Mandalo ihany ny posiposy. « Efa kely sisa dia ny an' ny mpanambady » hoy ny zazavavy iray teo amin' ny *trottoir*, nihodina nilaza tamin' ny teo aoriany.

Vao mainka niantrana ny mpijery. Vetivety tokoa dia ireny ny tena nandrasana.

Fa teo anatin' ny horakoram-pideraina sy fanirian-tsoa, dia inay kosa nisy antso tokana, sempotra sy tapatapaka nanao hoe:

— « Vonjeo aho, fa maty !... Maty !... »

Ny olona teo anilan' ny toerana nivonhan' izany feo izany, ka miondrika namonjy ilay safotra tampoka, dia nahare tohiny malemy dia malemy toy izao :

— « *Izy tokoa re ! Izy tharina !* »

Ary tamin' my hariva iny ihany, dia niely eran' ny Tanàna izao vaovao izao : « Torana tao Antsampanimahazo i Ramaton Ralimà, raha nandalo indrindra ny posiposy nitondra andRavalison sy Rahely, mpivady vao nampakarina. »

II

Tapa-bolana toorin' izany.

Tafara-dalàna teo Ambatonakanga izahay sy Ravalison sakaizako. Ny anton-dre-sakay dia ilay vaovao, izay nitoka tsy lely fa vao mainka nohodidinin-tsaho samy hafa, miseho tamin' ny nadro nampakarany vady.

« Mba fantatrao ameta ro zazavavy *io fara-faharatsiny ?* » hoy aho taminy.

— « Ny anaranay aloha, dia ny hariva' iny vao mba nandre azy, hoy izy. Raha ny amin' izay tarehiny indray, tsy mbola hitako velively akory. »

Nangina aho, fahagagana lehibe hoahy ny nolazainy tamiko ; indrindra koa fa be loatra ny tsaho reko, ka tsy sahiko minoana avy hatrany ny tenin' ny sakaizako.

Nandroso ihany izahay. Teo amin' ny kihon-dàlana iray, dia iny misy posiposy nandeha miadana dia miadana.

Vehivavy iray hatsaravadia h tsatra sady mahia dia mahia no eniny ; mitafy bodofotsy izy io. Olona iray no manaraka mampielo azy. Hita amin' izany fareraka mafy ilay marary, satria atahorana na dia ny herin' ny masoandro hariva aza.

Vao tsy nifanena akory izahay, dia misy olona iray niato teo ampovoan-dàlana, ka nibitsibitsika tamin' ny manany, sady nibanjina fatratra ny sakaizako sy ilay marary eo alohany.

Hitako izany, ka niantomboka nijery io olona io aho, fa ninoako ho tena nifosa anay mihitsy izy. Ndeha hilaza ny hitako tamin-Ravalý aho, nony tsinjoko tampoka fa niantsambotra ilay marary, raha nandale anay indrindra.

Taitra ilay mampielo azy, ka nampijanona haitsaina ny posy. Ramatsa marary kosa izana.

Nijanona izahay, ary vetivety fotsa dia feno olona teo anoloanay.

— « Io no Ralimà, ilay torana tamin' ny fampakaranatamin' ny 8 juillet ! » hoy ny sasany.

« Mazarim-pitia izy io, » hoy ny hafa.

— « Izao no manehina !.... Ilay Andrianatoa koa no mba ratsy ! ... Izany ihany ireny lehilahy ireny ; asainy manantena hianao, nefa ilaonony nonyavy eo ! »

Maro sy tsy mitovy toy izany ny tenin' ny vahoaka. Hitako mivaoharika Ravaly nahare izany.

Sarotra tamiko ny handa fa ny sakaizako no nahatonga izao ; nefa koa, noho ny teniny tamiko, dia tsy sahiko indray ny hinò fa izy no tena fotony.

— « Fantatrao ve ? » hoy aho, nibisitsika azy.

— « Olona vao izao izy no hitako. » hoy izy.

Nitombo ihany ny vavan' ny olona, koa nihamaro toy izany koa ny fitsaràny.

Minitra vitsy foana, dia re fa maty Ralimà.... ary izay rehetra nanatrika teo, dia nanozona ny anaran' ny sakaizako.

III

Nalahelo fatratra aho ny mpitson' io, raha nahare fa nisintaka Rahely. Nanontaniako an-dRavaly ny anton' izany, ka nolazainy tamiko fa noho ny tsaho ratsy nandoto ny anarany.

— « Tsy omeko tsiny izy, hoy izy tamin' ny farany. Tena biby aho raha marina ny fiampangan' ny vahoaka aby ! »

Nitomany izy ; izaho koa mba nisento.

— « Raha mba misy porofo, na dia iray ihany aza, hita maso hanamarinako tena, hoy izy, dia ho voavonjy ny voninahitro, sady hiverina ny fiadanako ! »

Nitsangana aho, ary nianiana taminy fa hitady an' izany.

IV

Androtr' io ihany, dia nandona tao amin' ny ray aman-drenin-dRalimà aho. Nampandroso ahy ireo, dia nilazako ny addy noraisiko, ary niara-nidinika tamiko ny amin' ny hanantanerahako azy.

— « Azoko atao ve, hoy aho, ny hijerijery ao amin' ny taratasin' itompokovavy ? »

Nomeny malalaka aho, ka nentiny tao amin' ny efi-tranon' Itompokovavy.

Ny zavatra nojereko tao voalohany dia ny bokiny rehetra, satria fantatro fa anatin' ireny no toerana tian' ny tovovavy hanafenana ny zava-tiany indrindra.

— « Iza no famakiny indrindra amin' ireto ? » hoy aho, nanondro teo amin' ny fitoeram-boky kely eo an-dohafarafara. (1)

— « Ity, » hoy reniny, naka boky mifono hoditra iray.

Novelariko io : **La Nouvelle Héloïse.**

Ny pejy lohandohany navadibadiko dia feno tsipika manga sy mena. Novakiko ny sasantsasany tamin' ireny, ka izao no hevitro : olona faran' izay *sentimentale* sy *impressionnable* (malemy fo sy mora taitra) i Ralimà.

Tampoka, niato aho ; nihasarotra ny fiainako, ary nisy afom-pifaliana nanazava ny tarehiko ; eo amin' ny pejy farany amin' ilay boky, misy turatasy vitsivitsy niara-nozairina taminy, izay feno sora-tàniana, ary mitondra izao loha-soratra izao :

La dernière Héloïse
na ny feon' ny famoizam-po
(diarin' i Irène Ralimà hatramin' ny faha-15-n' ny taonany)

V

19 [illegible] oo. — Ny isan' ny mampanofo ahy indrindra anefa, dia ny tahotr' ny ftiavako. Tia olona tsy manalala ahy aho, hanj ka tsy sahy mamboraka ny ftiavako aminy.

1 Juil. — Reko androany fa hisorona amin' ny herin' ny anio izy. Mbola tsy tahiteraka anefa ny faharoven' ny ftiavako, satria mbola misy fananenana amiko !

2 Juil. — Indrisy ! ry malalan' ny fanahiko ! Indrisy ! ry nofin' ny ftiavako ! ry tsy fantatro afa-tsy anarany ! ry tsy ananako afa-tsy amin' ny fahitana azy lavitra ! Ravalison ô ! Tsy manome tsiny anao aho, fa mandatsa kosa ny ftiavako... nahoana moa no tsy nolazaiko anao ny fisian' izany ? nahoana no notanako ho ahy samy irery izy ?

Rahampitso hianao dia ho lasan' ny hafa ! Hihamatroka amiko daholo ny fahazaoana rehetra !

Izany no novakiko tamin-dRavalison sy Rahely, izay nantsoiko hanatrika ahy tao aminay.

Nitomany Rahely. Nigogogogo ny sakaizako. Izaho koa mba tsy nahatana ny ranomasoko....

— « Aoka hotaperiko ny diariny », hoy Rahely.

Dia nampiany toy izao teo amin' ilay boky fitadidiana :

25 Juil. — Ny famakina an' ity dia nampiserina ahy, ary nampitombo ny ftiavako !...

« Ralimà ô ! mamela anao aho — tsy ny tokony hamelana ny resy rehetra ! »

J.-J. RABEARIVELO.
(Avril 1923).

(1) Tokony holanzaiko fa boky malaza avokor no hitako teo. Olona sakevitry ny ho nahita fisearana i Italiani, ary ny nanitsy so ana sahay teny frantsay tantoraka raha nahazo ny lassin' ireny.



Photo Razafitrimo

J.-J. RABEARIVELO

Kelimanjakanilanifra no anaran' ilay voninkazo kely fahita ery andohasaha sy eny am-bala-parihy.

Gasy dia gasy ny anarany, ohatrohatra mahafinaritra indrindra no iantsoana azy ; sady manehoeo fi

Mba tiako iantsoana an' ity «masoandro vao misondrotra » ity io anarana io (raha tsy hanafitohina azy), raha mpomba ny Literatiora.

Raha ny taona, mbola *kely* Rabearivelo. Ny 4 Mars 1901 no hitako eo amin' ny alimanaka fa nahaterahany. Nefa *nanjaka* sahady ny lazan' ny asany, eo amin' ny *lanitry* ny Poezia sy ny Soratra. Tsy eto amin' ny Nosy ihany, fa any amin' ny Kontinetra hafa koa.

Photo Razafitrimo

Kelimanjakanilanifra no anaran' ilay voninkazo kely fahita ery andohasaha sy eny am-bala-parihy.

Gasy dia gasy ny anarany, ohatrohatra mahafinaritra indrindra no iantsoana azy ; sady manehoeo fi

Mba tiako iantsoana an'ity «masoandro vao misondrotra » ity io anarana io (raha tsy hanafitohina azy), raha mpomba ny Literatiora.

Raha ny taona, mbola *kely* Rabearivelo. Ny 4 Mars 1901 no hitako eo amin' ny almanaka fa nahaterahany. Nefa *nanjaka* sahady ny lazan' ny asany, eo amin' ny *lanitry* ny Poezia sy ny Soratra. Tsy eto amin' ny Nosy ihany, fa any amin' ny Kontinetra hafa koa.

MPITSOKA SODINA

Ny sodinao
Dia namboarina tamin' ny faolan-dranjon' omby mahery,
Ary nampalesinao teny, an-tanety ka- rankaina
Kampahin' ny hainandro ;
Ny sodiny
Dia nataony tamim-bararata miararetran' ny rivotra,
Ary noloahany teny amoron-drana mikoriana
Mamo nofim-bolana.

Miara-mitsoka azy ao anatin' ny hariva hianareo,
Toa te-hitana ilay lakam-boribory
Rendrika ery amoron' ny lanitra ;
Toa te-hisintona azy
Amin' ny vintany ;
Nefa, ny antsonareo namelovelo,
Moa ve ren' ny jinan' ny rivotra.
Sy ny tany, sy ny ala,
Sy ny ony, sy ny onja
Sy ny fasika ?

Ny sodinao
Mamoaka feo andrenesana dian' omby mandrongatra,
Mirimorimo, mankany an-kay
Ary miverina mirimorime ary any any,
Main-ketaheni sy hanoanana,
Nefa qdaboky ny havizanana
Eo am-bodi-hazo tsy misy aloka
Na voa, na ravina,
Ny sodiny
Toa bararata mileftra
Amin' ny lanjan' ny voro-mandalo —

Tsy vorona azon' ankizy
Ka mifohafoha volo,
Fa vorona sara-namana
Mijerg' ato-tena fitenoana
Eo amin' ny rano mandalo,

Ny sodinao
Sy ny azy —
Manina ny zava-niandohany
Ao anaty alahelonareo hiraina.

J.-J. RABEARIVELO

Ny Fampisehoana

Atsan' ny zanatany samihafa ao Paris

(Exposition coloniale internationale)

Ity Rajoubolina, ilay isan' ireo nanatrika ny fampisehoana any Vincennes, dia niara ny fokafokaritan-antsirokely. Indro roaninianay ato ny amin' ity sora-mahazendanà ity ho an' ny le sy ny vaovao.

Araky ny re dia faninefany amin' ny fampisehoana malaza, teto Paris, ity. Ny voalohany, tamin' ny taona 1855 ; ny fahavoo, tamin' ny taona 1878 ; ny fahatelo, tamin' ny taona 1900 ; ary dia ny faninefany, ity amin' ny taona 1931 ilsahintsika ity.

Ny teloi mialoha dia tsy manan-kolazaina izahay, fa ity atrehinay ankehitiny ity dia tapitr' ohatra. Azo ampiasaina aminy daholo ny adjektifa outi-mitaza ny hatsarina rehetra, ary azo lazaina aza, fa misola tsy ampy izany, ka tokony hamoronana, raha azo atao.

Ny baiko hoe « *Exposition* » aloha, raha hazavaina, amin' ny teny malagasy, dia fampisehoana zavatra hiharibary tsy misy misina ny endriny rehetra, araky ny azo atao. Mifandohitra amin' ny fanafenana na fanarontsaronana izany. Ny heviny mivatana izay, fa ny heviny mivily kosa, ruhefa nasehoo ny zavatra, dia ny hoe : fampiserana mbamin' ny fampitaha. Koa ny fampisehoana dia natao, anoloan' ny afaka hijery ny zavatra nasehoo, fa fampiderana sy ny fampitaha dia anjaran' ny mijery, araky ny toetsainy mahay sy mitsaratsara, ka midera na mampitaha.

Dia tonga, ao an-tsaina amin' izany, ny farifra telo lehibe :

1° Ny mampisehoo sy ny mikarakara, ny asehoo. Amin' ity, dia Frantsa, anisan' ny lohany indRindra amin' ny fireneny tonga lafatra amin' ny fahendrena ambony (*nations civilisées*).

2° Ny zavatra asehoo sy ny toerana, amelarana azy. Ity dia tsy anoniana fa ny zava-tsoan' ny tany eran' izao tontolo izao no nakana santiona asehoo, ary ny toerana dia eto Paris, reniehitra tampony indrindra sy tsara indrindra, eto amin' ny globy.

3° Ny mpijery dia tsy azo lazaina fa tonga eto daholo akory ny olombelona eran' ny tany. Tsy azo atao izany, fa ny hita, dia misy ny karazan' ny mponina eran' izao tontolo izao tonga eto. Anjaran' ireny, ruhefa mivoaka eto, ny midera, raha tiany, ny mampitaha ny litany rehetra, arak' izay lanin' ny sainy. Dia izy ny mandray soa, amin' izany, araky ny zavatra hitany sy araky ny raharaha fanaony, mba hampitatra ny saina koa, fa tsy hijanona amin' ny fahalavarotra kely ananany. Ilahatsany manapakevitra araky ny raharaha famoy. Eto aho,... atsy ny lalako.....; ity no hatsoko ..... Izao no fidiko.... Itarika atsy ny anona.....; tovonako toy izao ity... ; etc. etc. .... Koa raha izany no vokatry ny exposition, hatao ahoana no tsy fialiky sy firenena hendry (pays civilisés), amin' ny fanavonana ny toy itony ? Vola toy inona moa, hoy hianareo mpamaky no lany hanatanterahana ny toy ity Exposition ity ? Efa telo taona izao no nanohohana ny fananganana ireo trano, ireo lapa, ireo efitra sy ireo toerana manodàtina samihafa, ny toerana manao endrika hametrahana ny zavatra ao anatiny. Indochine izay zanatany frantsay mananksoha indrindra no aoka hataoo ohatra. Tapitrisa vitsivitsy hono no lany tamin' ny azy, amin' ny nananganana ilay trano lehibe folhan' ny fampisehoany (pavillon principal), manana ny endriky ny flangonana lafaqola, tany aminy atao hoe : « Temple d'Angkor », sy ireo trano fanampiny manodidina. Vola toy inona izany ! Tsarovy, anefa, fa ity exposition ity dia mbola ho ravana daholo, ruhefa tapitra ny volana, vitsivitsy nohoverina haharatsany. Tsy dia trano, valo tsy akory ireny, na biriky maty, fa saika izy rehetra dia hoboka ny ate-rindriny. Rahefa ravana izy, dia ho azo amidy ihany ny zavatra, satsany nialatsen, fa tsy hahatrafra na ovlana na ovlana ny lany ny vidin' ireny. Manao ahoana ny toe-isain' ny firenena hendry sy mandroso amin' izany. Tsy mitety ny lany mba hahatanteraka ny zava-kendrena eto dia ny ahitan' ny olona betaka eran' izao tontolo izao ny zavan-tsoan' ny tany, hampitatra ny sainy, hampitombo ny fandrosoan' ny varotra ifanaovana, hananan' ny olona fahalalana bo, araky voalaza so ambony. Tsy manana fitavan-tena sy derasam-boninahitra amin' ny ho' azy ihany i France, amin' ity exposition ity, fa miho vitra be dia be ny hafa miely patrana eran' izao tontolo izao. Maha-te-hidera toatra izao.

Ny toerana nanorenana ny fampisehoana dia tsy ao ampovoan' i Paris akory, fa amin' ny sisiny atsimo atsinanana, mivoaka kely amin' ny faritry ny tanàna, ao amin' ilay ala kely atao hoe : *Bois de Vincennes*, manodidina ilay faritry mahafinaritra atao hoe : *Lac Daumesnil*.

Io faritry io dia manana endrika boribory isvalavs, ka eo afovoany misy nosy kely apankirua ny iray atao hoe : *Ile de Bercy*, ary ny iray *Ile de Reuilly*. Misy tetezana efatra : ny telo mampitohy ny nosy kely roa amin' ny toerana ivelan' ny faritry, ary ny iray mampitohy ny nosy roa rahateo. Ny lakana na ny kanoty automobilina dia samy malazo, mivestrey manodidina ny nosy, mitety ny faritry, eo ambonin' ireny tetezana ireny. Eo ampovoan' ny nosy nanorenana ny toerana samihafa fampisehoana, isian' ny klisao isan-karazany : ocavaly de bois, automobilina madinika entin' ny elektrisite, azo ilainganana, ka mirotsra misingodina, ary mety hifandona amin' ny an' ny hafa aza fa voankendry tsy handratra, misy teatra, etc., etc..

Manodidina, io faritry io no nanorenana ireo trano fampisehoana ; ny lehiba na lapa misolalosala, ny antonona, ny kelikely ary ny madinika. Eny anefanefan' ireny ny mpivarotra isam-pirenena, amin' ny zavatra anovany santiona fitaribary mpividy, sy tena amidiny vahitsy, fa tsy toy ny zavatra asehoo ary anatin' ny tranoo amin' ny fampisehoana tsy akory. Tsy misy hita amin' ireny. Raha mirakiraky, levona mihitsy, fa tsy maintsy tandremana ny amidy zavatra. Ny fomba fitandrina azy dia ny avela any an-trano ny vola, fa ifatana azy any amin' ny toerana ilainviana, dia samy maka fanahy, hanokafana paosy avokoa.

116 hectares no habsin' ny toerana, fanorenan' ireo trano sy lapa kanto samihafa rehetra ireo.

Ny arabe avenue Daumesnil no manaritra azy eo aoatarana. Ny arabe Boulevard Poniatowski sy ny arabe Boulevard Soult no eo andrefana, ny arabe Avenue Gravelle no eo atsimo. Ny atsinanana dia lalana tsotra no mametra azy. Izao no 110 hectares.

Vavahady roa lehibe no fidirana avy aty amin' ireo arabe Poniatowski sy Soult, dia ny poste do Reuilly sy ny poste do Picpus.

Voalaza teo fa misy lapa kanto miavaka izao, ao sy trano samihafa, araky ny zanatany sy ny firenena samihafa manpiseho zavatra.

Ny isan' ireny, afa-tsy ny irany, mahafotsiaran' ny hevi-tsaina ny ity isan-karatany, mbamin' ny sala fiavotanbokey ny gazety, etc., etc..

Ireto avy, ireo trano sy lapa samihafy ireo, izay natondra ao anatin' ny tranoo mipiedo zavatra sy ny zavatra asehoo. Izao ary anarany vonsoratra amin' ny teny frantsay no :

Fichier issu d'une page EMAN : http://eman-archives.org/francophone/items/show/1662?context=pdf